

**SOLOFO JOSE**

Toa manomboka mandao antsika daholo izany olo-malaza izany an ! Vao roa taona lasa, 9 Septambra 2012 raha ny marimarina tokoa, no lasa i **Lydiary vadiny**, dia indro fa nandao ity tany ity i Rakotosolofo Joseph na i Solofo José. Tsy nisy izay tsy naheno azy tao amin'ny Radio Madagasikara, nanomboka ny taona 1972, nidirany niasa tao. Mpamelona tantara mitohy sy tantara indray miseho izy.




Aretin'ny voa *("maladie rénale")* no nahafaty azy androany alakamisy 13 Febroary 2014. Ny 9 aprily 1947 i Solofo José no teraka. Maro ihany ny zavatra nataony teto amin'ity tany fandalovana ity ary ireo dia hipetraka ho an'ny taranaka fara aman-dimby Malagasy rehetra.

I Solofo José dia nampianatra ny taranja Filôzôfia, namelona tantara amin'ny onjam-peo *(« théâtre radiophonique"),* nandrindra an-tsehatra ilay hoe manao *"mise en scène"*. Fa mpanoratra ihany koa izy ary anisan'ny nanorina ny Faribolana Sandratra *("Cercle des poètes Malagasy"*

). Misimisy ireo tononkalony sy lahatsorany fandalinana nivoaka an-gazety sy boky.




**Solofo José sy ireo zanany efatra, tamin'ny 9 septambra 2012...**

Ao amin’ny fasan-drazana ao Andranovato Itaosy i Solofo José no halevina, ny Alahady 16 Febroary 2014, aorian’ny fotoam-pivavahana hatao ao amin’ny fiangonana Ekar Ambatonilita. Izahay eto aminy madagate.com dia maneho ny fiaraha-miory amin’ny zanak’i Solofo José sy ny fianakavian’izy ireo iray manontolo.

Fa ny 15 Febroary 2014 dia hiala ao an-tranony ary hafindra ao amin'ny efitrano *"Rado"* ao amin'ny Tranombokim-pirenena (
*"Bibliothèque nationale"*
) ny razana, handrasana sy homen-boninahitra farany.



**Sary MaTv, nalaina tao an-tranony, ao Ampefiloha, ny 14 Febroary 2014**

Ity misy tononkalo nosoratany efa ho 14 taona lasa izay.

**SENGE**

(Fara veloma ho an'i Senge maty ny 5 desambra 2000)

*Dobodobo-beso mamakivaky lanitra*
*Rindram-peo manga manetsika fanahy*

*Malefadefa-tsiky rehefa injay mihira*
*Miredona tokoa ny hira misy azy*
*Feon'i Senge izay.*

*Mamohafoha tsiahy ny any Androy any*
*Mitari-drivo-maina avy ananona any*
*Hira velom-bolo manainga eritreritra*
*Dobodobo-beso mamakivaky rahona*
*Dia mbola i Senge ihany*

*Heno indray antoandro fa nodimandry izy*
*Tankina sy gina ireto mpankafy*
*Hira tsisy sodina na gitara na valiha*
*Dia ho vita hatreo va re ?*
*Tsia fa velona eto ihany*
*Dobodobo-beson'i Senge tsy ho faty.*

**SOLOFO JOSE** (6/12/2000)

************************************************

Le vendredi 27 mars 2009, Solofo José était à Tours (France)

Il y avait fait un exposé sur la philosophie malgache. Voici un compte-rendu.



Joseph Rakotosolofo, connu sous le pseudonyme Solofo José, est écrivain, poète et professeur de philosophie. Il est aussi comédien et metteur en scène. Il a fondé avec ses amis le cercle littéraire SANDATRA qu'il dirige actuellement. Ils ont publié des recueils de poèmes et de nouvelles et des pièces radiophoniques.

Joseph Rakotosolofo pendant son exposé *« Raha razana tsy hitahy, fohazy hihady vomanga »* (Si les ancêtres ne veulent pas vous bénir, réveillez-les pour arracher des patates).

Il nous a parlé de philosophie à partir des proverbes malgaches *(« Ohabolana »)* que l'on énonce pour éduquer et conseiller les gens dans la vie quotidienne. Ces proverbes existaient dès le XIVème et ils sont encore dits actuellement dans les discours et les kabary. Ces messages sont dans la mémoire collective depuis des siècles. Il nous en a cités de nombreux, ils proviennent de l'observation du monde ou des comportements humains et sont souvent plein d'humour. **(In fos Touraine Madagascar n°06 de mai 2009** )

**Jeannot Ramambazafy – 13 Febroary 2014**